FANENJEHANA AN'I CLEMENCE

# Taratry ny fikorontanana ao anivon'ny fitondrana Rajoelina

Nandritra ny Herinandro Masina no niakatra teny anivon'ny fampanoavana amin'ny Fitsarana teny Anosy i Clemence Raharinirina, mpanolotsainan'ny tanàna avy amin'ny IRD ao amin'ny kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Izany no midika aloha, fa tsy misy ny fitoniana nandritra ity fiandrasana ny Paska na Paka ity teto amintsika, ny Herinandro Masina toy izao anefa dia fotoana tokony hisian'ny fitoniana politika. Raha ny zava-nitranga tamin'ity herinandro ity izany no jerena sy fakafakaina dia ny fitondrana mihitsy, no tsy mampisy ny fitoniana eto amin'ny firenena. Araka ny angom-baovao voaray tamin'ny loharanom-baovao samihafa aza, misy fikorontanana ao anivon'ny fitondrana Rajoelina amin'izao fotoana, marisarisa ny fifandraisana eo amin'ny filoha Rajoelina sy ny ben'ny tanàna Naina Andriantsitohaina. Manaporofo izany hoy ny vaovao voaray, nitranga iny mbola fanenjehana an'i Clemence iny, nandritra ny Alakamisy Masina mihitsy, izay anisan'ny andro lehibe amin'ny Herinandro Masina, ankoatra ny Zoma Masina, namonoana an'i Jesoa Kristy tamin'ny hazo fijaliana, sy ny andron'ny Paska nitsanganany tamin'ny maty, ho famonjena ny olombelona rehetra. Araka ny loharanom-baovao, misy olana amin'izao fotoana ny fifandraisana eo amin'ny ben'ny tanànan'Antananarivo Vazahabe Naina Andriantsitohaina, sy ny Filoha Andry Rajoelina. Ny ben'ny tanàna manao izay handetehana an'i Clemence, efa ho fanimbalony izao, niampy iny tamin'ny alakamisy teo iny; toa tsy manaiky izany anefa ny Filoha , ka dia tsy naiditra am-ponja ny filohan'ny



*Toa marisarisa ny findraisana eo amin'ny Filoha sy ny ben'ny tanàna.*

FTAR(Fikambanan'ny Taxi Antananarivo Renivohitra), fa afaka nody. Amin'ny 4 mey ho avy izao ny fotoam-pitsarana iny raharaha farany teo iny. Ity farany rahateo nanambara fa tsy manana olana amin'ny fitondrana, fa ny fitantanan'ny ben'ny tanàna sy ny ekipany no olany. Na izany na tsy izany, sarotra ny hanagadra olona mandritra ny Alakamisy Masina izany aloha, na mitombina na tsy mitombina ny vaovao voaray. Ny tsapa aloha, mbola tena henjana ny tady eo amin'i Clemence sy i Vazahabe! Ho hita eo ny tohiny ao aorian'ny fetin'ny Paka.

***Niaina***

Fanotronana an'i Clemence

# Tonga maro ny TIM, tsy hita ny Komba sy ny Humaniste Ecologique

Teny amin'ny zandary Fiadanana, avy eo niakatra teny amin'ny Fitsarana Anosy tao amin'ny fampanoavana ny mpanolotsainan'ny kaominina Antananarivo Renivohitra, Clemence Raharinirina ny alakamisy teo. Nahazo LP na afaka mody izy tamin'izany ary amin'ny 4 mey ho avy izao ny fotoam-pitsarana. Hatreny Fiadanana, ka hatreny Anosy, tonga maro ny avy amin'ny antoko TIM sy ny RMDM, nanotrona sy nanohana an'i Clemence Raharinirina, tsy hita kosa ny Komba sy ny Humaniste Ecologique mpanolotsaina ao amin'ny CUA, izay azo lazaina ho mpiara-dia amin'i Clemence ao amin'ny filankevitry ny kaominina, nanary azy tamin'ny fotoan-tsarotra. Anisan'ny nanohana an'i Clemence



*Depiote sy mpanolotsainan'ny tanàna TIM, nanotrona an'i Clemence teny Anosy.*

nandritra izany, ireo depiote TIM eto Antananarivo, ireo mpanolotsai nan'ny tanàna avy amin' ity antoko najoron'ny filoha Marc Ravalomanana ity, na avy amin'ny IRD aza i Clemence. Araka ny nambaran'ny depiote TIM avy amin'ny Boriboritany faha-6: Todisoa Andriamampandry: manao tsinontsinona, sy manitsakitsaka ny demokrasia izao fitondrana izao. Eto Antananarivo, izay renivohitr'i Madagasikara nefa dia feno ny fako, mamofona ny tanàna, hoy ihany ity olom-boafidy ity mahakasika ny fitantanan'ny ben'ny tanàna Vazahabe. Fantatray koa fa misy ny fanotofana tany tsy aradalàna ataon'ny Ben'ny tanána sy ny «adjoint» ary ny Tale ao amin'ny CUA hoy ny depiote Todisoa. "Toy izany koa, misy ny kolikoly avo lenta ataon'ny mpitantana ny tanàna. Izahay dia olona voafidim-bahoaka, ka miaro ny vahoaka. Mijoro koa izahay, miady amin' ny tsy rariny, miady ho an'ny mpanolotsaina namana, izay atao tsinontsinona. Izahay Solombavambahoaka eto an-drenivohitra dia hiaro ny namanay mpanolotsaina, sy hiaro ny vahoaka ary tsy hanaiky lembenana, fa hanaraka hatramin'ny farany ity raharaha ity, na inon-kidona na inon-kihàtra. Ary raha mbola hitohy izao zava-misy izao dia ho hitantsika eo koa ny tohiny", araka ny fanambarana nataony tamin'ny mpanao gazety ny alakamisy teo io.

***Stefa***

Me Henintsoa mpisolovava an'i Clemence

# Ampihàro hitovy ho an'ny olona rehetra ny lalàna

Nitafa tamin'ny mpanao gazety Me Henintsoa Rajerisoa, nandritra ny nitondrana an'i Clemence Raharinirina teny amin'ny zandary teny Fiadanana, sy teny amin'ny fampanoavan'ny Fitsarana teny Anosy ny alakamisy teo. Sarotra ny hangina manoloana ny zava-misy amin' izao fotoana izao hoy izy. Toa tena tany tsy tan-dalàna i Madagasikara amin'izao fotoana. Ny fototra na ny« fond » an'ilay resaka fanenjehana an'i Clemence hoy izy dia i Naina Andriantsitohaina Ben'ny tanànan 'Antananarivo. Ny vesatra iampangana an'i Clémence dia hoe: nitarika olona hidina an-dàlambe, manohintohina ny filaminana anatiny. Efa fantatray ao amin'ny «Cabinet d'etude » an'i Me Olala, fa betsaka loatra ny «acharnement » na fanenjehana natao azy, noho ny fahasahiany miteny ny marina, ka mety izany no anenjehana azy foana hoy ity mpisolovava ity. "Manontany izahay hoe :Hatraiza, amin' iza, ary ohatry ny ahoana no hampiharana ny lalàna ? Rehefa i Clémence Raharinirina no maneho hevitra dia maika be sy mailaka mihitsy ny fitondrana, sy ny fitsarana amin'ny fanenjehana sy fisamborana. Fa maninona, ny olona manana fahefana efa ananana porofo mitohoka amin'ny vavany «enregistrement sy video» nandika lalàna, kanefa tsy misy manenjika tsy misy manokatra fanadihadiana? Ary maninona no rehefa avy amin' ny mpanohitra dia mailaka ery ny fampitahorana sy antsojay? Izahay dia manao antso avo amin'ny tompon'andraikitra, tany tan-dalàna eto ka ampihàro ny lalána: hoe mitovy ihany ho an'ny olona rehetra. Fa tsy hoe ianareo no mitondra dia manao izay tianareo hatao sy mahafalifaly ny fonareo. Manao anareo ho «intouchable» tsy ho voakitikitika ianareo, ka tsy misy miteny na manenjika. Aleo hitovy fa ny lalàna no miteny hoe mitovy ny fampiharana ny lalàna ho an'ny rehetra ".




*Me Henintsoa Rajerisoa.*

***Stefa***

## NY TENY FIAINANA




*"Ny vokatry ny vavan'ny olona no mahavoky soa azy, ary ny asan'ny tànany hitsingerina aminy".*

***Ohabolana 12:14***

## *Ny Valosoa sy fakafaka*

Fiainam-pirenena

## Vao miha saro-toerana ny fampanjakana ny rariny sy hitsiny

Tena tokony hangina ve amin'ity sabotsy ity, raha raisina ny fomba fijery sy finoana kristiana, manoloana ny zava-misy eto amin'ny firenena? Tokony hisy ve ny fitoniana paska na « trêve pascale » raha mahita sy mandre ny fandehan'ny fiainam-pirenena sy indrindra ny fiainam-bahoaka amin'izao fotoana izao. Anaty fahasahiranana lalina ny sarambabembahoaka ao anatin'izao fitondrana izao. Fitondrana izay nampanantena fatratra, fa hanandratra ity firenena ity ao anaty fotoana fohy, ary ho firenena tsy misy toa azy ho môdely mihitsy aty Afrika. Lavitry ny afo anefa ny kitay, ary « mbola ho ela », hoy ilay nifatotra, ny amin'izany raha ny zavatra hita tao anaty telo taona mahery nitondrany izay. Firenena mitàna ny rambony hatrany amin'ny sehatra samihafa, ary mena-mitaha amin'ny firenen-kafa. Miendrika ravoravo natentina ihany ny hetsika samihafa fisehosehoana amin'ny any ivelany etsy sy eroa, toy ny amin'ny hetsika ara-toekarena tato ho ato. Tsy hahatafarina ny fahavoazana efa lalim-paka nanjo ny vahoaka aman-taonany anefa izany fihetsiketsehana izany, ary ato anatin'ny taona maromaro ambiny sisa amin'ny fe-potoana iasan'izao fitondrana izao, dia tsy azo antenaina intsony hahatafarina ny fiainam-bahoaka ho amin'ny tsara kokoa.

Toy ny nitranga tamin'ny fomba fitondrana tamin'ny tetezamita ny zava-misy amin'izao fotoana izao. Na nandrombaka ny fitondrana tamin-kery aza Rajoelina sy ny ekipany tamin'izany, tao anatin'ny dimy taonan'ny tetezamita nentiny dia tsy nisy fihatsaràny ny fiainam-bahoaka. Toy izao ihany koa no mitranga ankehitriny, ary mbola maizin-kitroka ny hoavy, indrindra raha mahita ny mitranga ara-politika. Hihasaro-toerana hatrany ny fanehoan-kevitra malalaka sy ny fahalalahana miteny raha mahita ireo tranga roa niaka-nidina teny amin'ny toby mpanao fanadihadiana sy ny fitsarana Anosy. Misintona ny sain'ny maro avy hatrany izany hisaina, fa manahirana eto amin'ity firenena ity, ny mijoro hanana fahasahiana hampibaribary ny tsy ara-drariny sy tsy hitsiny manjaka sy miha mahazo vahana hatrany. Tsy hahasoa ny firenena sy ny taranaka any aoriana anefa izany, fa ho loza mitatao aza. Manoloana izany, sarotra ihany ny hangina na dia ao anatin'ny andro paska aza, ary ny andro paska rahateo fandresena ny aizina, dia ny aizin'ny fahafatesana izany. Ny fahalovana amin'ny endriny samihafa manjaka eto amin'ny firenena ary mampahantra ny vahoaka dia tara-pahafatesana izany.

***Sôh'son***